# FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

## SYNODAM-PARITANY EOROPA

## TOBY POURU SAINT-RÉMY

Miray amin'ny

## TOBILEHIBE ANKARAMALAZA

"Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina Aho, hoy Jehovah." Hagay 1.8b

Pouru Saint Rémy, faha 8 jolay 2021

Ry havana,

Hampitomboina ho aminareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontsika.

**Mpanao mari-trano raikitra !**

Fifaliana ho anay indray ny mizara ity dingana vaovao ho amin'ny fanorenana ny Toby ity. Noho ny traikefa hatramin'izay no nahatonga anay hisafidy "cabinet d'architecte" ho "maître d'oeuvre". Rehefa nitondra ambavaka sy nifanakalo hevitra ary niara-niasa tamin'ny "**Cabinet VINCESLAS**" nandritra ny dimy volana dia heverinay fa tonga ny fotoana hanaovana sonia ny fifanarahana ("contrat") miaraka amin'io "maître d'oeuvre" io.

**I-<u>Fanamafisana ny "maître d'oeuvre" raikitra</u>:**

Nanomboka tamin'ny Febroary 2021 àry dia nanao fifanakalozan-kevitra lalindalina kokoa hatrany ny vaomieran'ny fanorenana. Koa rehefa nanadihady akaiky momba ny fiaraha-miasa hatao amin'ny "**Cabinet VINCESLAS**" sy ny traikefan'io cabinet io ary ny fahavononany handray an-tànana ny asa fanorenanaToby dia heverinay fa tonga ny fotoana hirosoana amin'ny sonian'ny fifanarahana "signature de contrat"

Izany fifanarahana vita sonia izany anefa dia mitaky antoka maromaro avy amin'ny Toby:

1- Ny planina sy ny tetibola **970 000€ ttc** dia tsy azo ovaina intsony ary tsy tokony hihoatra ihany koa. Indro ampiarahina amin'ity taratasy ity ny planina (mpiaingotra)

2- Raha sitrapon' Andriamanitra dia ny fametrahana ny antontan-taratasy fangatahana hanorina trano **"permis de construire"** no dingana manaraka izay arahin'ny antoka ara-bola hataontsika

3- **60%-n'ny tetibola** feno no ilaina hahafahana manomboka ny asa fananganana trano. Izany hoe, **582 000 euros,** izay tsy maintsy voavory farafahatarany amin'ny volana Oktobra-Novambra-Desambra 2022.

4- Raha ny vola voangontsika isam-bolana no jerena dia tsy ho tratra alohan'ny 5 taona ka hatramin'ny 10 taona io vola 582 000€ io. Ny vahaolana hita hatramin'izao dia ny **findramam-bola amin'ny "Crédit Immobilier** ary efa eo am-pandinihina izany ny vaomieran'ny fanorenana izao. Homena antsika miandalana ny vaovao momba io tetik'asa findramam-bola io.

**II. Toe-bola:**

Mahatratra **281 000€** izao ny vola an-tànana, ao amin'ny kaontin'ny Toby izay mitsinjara toy izao:

- 382 800€ ny vola voangona hatramin'ny fanombohana ny asa

- 83 000€ nividianana ny tany hanorenana ny trano ho Toby

- 9 000€ + 7 000€ nomena ho karaman'ny mpiara-miasa "Maître d'oeuvre" (Enreprise Procimmo mivantana), nanaovana ny "Pré-étude" sy "plan", "estimation" voalohany ary fanomanana ny "dossier permis de construire"

- 2800€ nanamboarana ny site web, niarahana tamin'ny orinasa Entry

Na dia eo aza ny fanomezana tsindraindray (dons ponctuels) na ny fanomezana mitambatra (dons regroupés) izay ataon'ny maro amintsika dia amporisihina kosa, raha azo atao, ny **fandrotsaham-bola raikitra isam-bolana (virement permanent).** Izany no natao dia mba hanaraha-maso akaiky ny fanangonam-bola sy hanomanana ny fikasana hindram-bola amin'ny "crédit immobilier"

**III-Fampahatsiahivana samihafa:**

3. Mikasika ny rosia : Noho ny olana ara-teknika dia tsy misy aloha ny rosia "automatique" ho an'ireo izay mandrotsa-bola ao amin'ny kaontin'ny fanorenana. Azontsika atao anefa ny mangataka rosia amin'ny mpitambola na ny filoha, raha ilaina.

4. Mikasika ny « électricité »: Mitohy ny antso ho an'izay rehetra manan-talenta hikarakara ny « plans électriques courant fort sy courant faible ». Aza misalasala miantso ny tompon'andraikitra ao an-toerana : RANDRIAMBOLOLONA Jean 06 11 39 60 73

5. Mikasika ny lakozia : Mitohy ihany koa ny antso amin'ny fanangonana fanaka an-dakozia « professionnel » toy ny réfrigérateur, four à étage, marmite chauffante 80L... Aza misalasala ihany koa miantso ny tompon'andraikitra raha te hanao fanomezana hianao na mahita fanaka an-dakozia « professionnel » hovidian'ny Toby

Samy nantsoin'Andriamanitra handray anjara amin'izao asa fanorenana Toby izao isika tsirairay.IZY anie hitari-dàlana sy hanoro hevitra ary hampahery sy hanohana antsika hahavitana ny asa, ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany. Entanina koa isika rehetra hiombom-po amin'ny komitin'ny Toby **hivavaka ho an'ny asa fanorenana isaky ny ZOMA**.

Eto am-pamaranana àry, dia manolotra fisaorana feno fankasitrahana ho antsika rehetra nandray anjara sy vonona hanohy izany amin'ny alalan'ny fanomezana isam-batan'olona, isan-tokantrano, isam-piangonana, isam-pitandremana ary isam-pileovana.

Dia manao veloma finaritra antsika rehetra amin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompo izahay.

Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Komitin'ny Toby

Ny Filoha,

Dr Randriambololona Jean

Ny Mpitantsoratra,

Ramanatsoa Germain

Sary avy any ambony :



Sary anatin'ny trano :



Drafitra maritrano :

